L'épée de Damoclès trône sur sa tête **2**

# Gasikara Fenosoa enquêté pour incitation à la mutinerie militaire


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 9 desambra 2023 | Laharana 1505 | Vidiny : 600 Ar


**Facebook** **3**

**Potika ny Air Mad, potika ihany koa ny Madagascar Airlines**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Vondron'ny kandidà** **2**

# Hitohy amin'ny herinandro ny hetsika manerana ny Nosy





**Gasikara Fenosoa** **2**

# Navela nody, tsy fantatra ny ho tohin'ny famotorana





**Andry Rajoelina** **3**

Tsy manana ny fanohanana sy fankatoavan'ny vahoaka Malagasy

**Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)** **3**

Mila dinihina ny fiankinan-doha amin'ny vahiny

**Daka kely**

Tsy rariny, jiro tsy mahavita taona ve no tambin'ny fanohanana an'ialahy ry Boaikely a !

GASIKARA FENOSOA

# Navela nody, tsy fantatra ny ho tohin'ny fanadihadiana

Nohadihadiana teo anivon'ny sampana misahana ny ady heloka ady heloka bevava ao amin'ny zandarimaria teny Fiadanana omaly, ny mpanao gazety Gasikara Fenosoa ao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray. Naharitra ora 3 mahery ny fakana ambavany azy. Natrehan'ny mpisolovava Eric Rafidison, sy ny filohan'ny holafitry ny mpanao gazety eto Madagasikara (OJM) Rasoloarison Monica ny raharaha. Tsy nisy nipika ny fanadihadiana, nambaran'ny mpisolovava, fa mbola hitohy izany fanadihadiana izany, amin'ny fotoana mbola tsy fantatra. Maro ireo mpanao gazety sy fikambanana mpanao gazety tonga niandry ny vokatry ny famotorana, anisan'izany ny FAJM, na Federasionan'ny fikambanan'ny mpanao gazety eto Madagasikara, sady ho firaisankina amin'ny asa fanaovan-gazety sy amin'ny namana Gasikara Fenosoa. Voalaza fa ny fandaharana nanasany an'i Tabera Christian, no votoatin'ny fiantsona ary vesatra niampangana azy dia ny fitaomana ny miaramila hikomy.

*RJ*

L'épée de Damoclès trône sur sa tête

# Gasikara Fenosoa enquêté pour incitation à la mutinerie militaire

Ce journaliste responsable de l'émission «l'invité du jour » a été convoqué auprès de la brigade criminelle de Fiadanana, pour être entendu sur l'une de ces émissions. Son avocat, maître Eric Rafidison s'est montré très réservé et très prudent à l'issue de l'enquête qui a duré un peu plus de trois heures de temps. Les déclarations ont été ainsi limitées à dire que « l'enquête est toujours en cours » et qu'il est plus convenable de ne pas divulguer les détails de l'enquête.
La seule information qui a pu être délivrée est que l'émission qui dérange, serait celle invitant Tabera Christian, diffusée le 4 décembre dernier. Gasikara Fenosoa a été assisté comme il est d'usage, par la présidente de l'ordre des journalistes, Monica Rasoloarison. Son avocat n'a pas été en mesure de préciser la date de la suite de l'enquête qui n'a été informée, ni précisée par la gendarmerie.
De telle posture signale une condition défavorable à l'endroit de Gasikara Fenosoa qui est constamment inquiété tant que son sort n'est précisément indiqué. En tout état de cause, les réactions fusent du côté des professionnels du métier. Se basant sur la loi 2020-006, les journalistes se sont unanimement posé la question sur la présence et la véracité du motif d'incitation à la mutinerie auquel Gasikara Fenosoa a été soupçonné. La loi en vigueur indique qu'une émission télévisée a pour vocation d'emmener un ou les invités à s'exprimer sur une opinion donnée sans que cette opinion lie directement ou indirectement l'interviewer.
Par ailleurs, si un manquement à l'éthique et à la déontologie s'est survenu durant l'émission, ladite loi précise que le journaliste en question doit passer par une structure chargé du conseil de discipline, autrement dit le bureau de l'ordre des journalistes ; ou du moins fera l'objet d'une interpellation par l'Ordre.
Tout semble indiquer que les procédures semblent sciemment foulées au pied par la gendarmerie, faisant fit dans la foulée toute loi en vigueur. Ces agissements de la gendarmerie de la brigade de recherche de Fiadanana n'est pas le premier. L'opinion se rappelle toujours la manière dont les autorités et les forces de l'ordre ont usé pour emmener de force le député Fetra Ralambozafivololona , alors que le parlement est en plein session ordinaire. De telle mesure requiert pourtant une autorisation préalable et explicite du président de l'Assemblée Nationale et du bureau permanent, dont Christine Razanamahasoa elle-même l'a rappelé, mais les autorités donneurs d'ordre n'ont donné aucun crédit ni aucune considération à cette règle émanant d'elle en tant que chef d'institution.
Tenant compte des communiqués et des déclarations officiels, tout indique que le tenant des ordres suprême en cette période d'intérim est détenu actuellement par le général retraité Richard Ravalomanana ayant reçu de la Haute Cour constitutionnelle (HCC) le mandat de l'intérim du président de la République. Plusieurs déclarations et communiqués illustrent ce pouvoir ne citant entre autres que le communiqué adressé au ministre de l'enseignement supérieur et de la recherche scientifique donnant ordre au ministre de prendre des mesures administratives sur le président du SECES, Sammy Grégoire, s'il ne cesse illico la grève du syndicat des enseignants chercheurs et des chercheurs enseignant, il se verrait suspendu de sa fonction en tant qu'enseignant et suspendu aussi de son solde.

*RJ*



Vondron'ny kandidà

# Hitohy amin'ny herinandro ny hetsika manerana ny Nosy

Nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Andraharo omaly, ny vondron'ny kandidà 11, nisongadina fa hitohy amin'ny herinandro ho avy ion y hetsika manerana ny Nosy. Araka ny fanambarana nataon'izy ireo omaly : "Mitohy ny tolona ! Mitsangana ny "Cellule de crise" izay hamaritra sy handrindra ireo hetsika rehetra hatao manerana an'i Madagasikara manomboka amin'ny herinandro ho avy izao. Tsipahinay marindrano ny fiarianana ho Filoham-pirenena izay kasain'Andriamatoa Andry Rajoelina hatao ny 16 desambra 2023 ho avy izao, izay mbola fanitsakitsahana ny fiandrianam-pirenena ihany koa. Ankoatr'izany, namolavola lalàm-pifidianana vaovao ny "Collectif des candidats", hanatsaràna ny lalàna efa misy. Etsy andaniny, noraisina ny soso-kevitra avy amin'ireo mpanara-maso ny fifidianana sy ireo mpiara-miombon'antoka amintsika, ary etsy ankilany, tsy maintsy sorohana ireo krizy politika hateraky ny fifidianana toy ireo efa nitranga matetika, ka niteraka fahasahiranana," hoy Andriamatoa Hajo Andrianainarivelo raha nitondra ny tenin'ny vondron'ireo kandida omaly.

*Isambilo*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Raharaham-pirenena

# Mila sakanana ny hilentehan'i Madagasikara

Mitohy hatrany ny fanilatsilahana ny vahoaka ka manamafy ny fipatitahany. Efa nandritry ny taona maro no nisian'izany, niha-nibaribary tamin'ity taona 2023 ity nialoha sy nandritra ny fifidianana amboletra natao teo iny ka mandraka ankehitriny. Niseho izany tany amin'ny fotoanan'ny fihanaky ny valanaretina teto amin'ny firenena ka nanomezana tolotra ireo nambara ho sahirana ara-pivelomana kanefa tsy izay loatra no nitranga, fa nisy aza fianakaviana tena sahirana sy nila fanampiana mafy tamin'ireny fa tsy nisitraka izany. Efa teo rahateo moa ny natao anjorombala sy nailika noho ny tsy fitoviam-pijery ara-politika eto amin'ny firenena sy ny amin'ny tokony hitantanana ny firenena. Efa nandritry ny taona maro no nisy fizarana roa ny lalana nalehan'ny mpiray firenena, fa tsy iray dia hany ka tsy atao hahagaga raha tsy tratra izay tanjona nambara sy niedinedenana hatrany ivelany. Tsy atao hahagaga raha toy izao no manjo ny firenena sy ny toerana misy azy satria tsy maintsy misy voka-dratsiny ny politikan'ny fiheverana, fa mety ny hizarazarana ny vahoaka ka misy omena tombon-dahiny manokana satria misolelaka sy manasohaso ny mpitondra sy mety aminy.
Dia ireny niaraha-nahita sy nandre ireny indray ny vao nitranga ny alakamisy lasa teo. Dia misy faly ery amin'izany sy mihoby ny mpanome zavatra azy, kanefa asa raha mba fantatr'izy ireny ny ho vokany, izay efa misy mitranga amin'izao fotoana izao. Toy ilay sambo lehibe "Titanic" nidona tamin'ny vaingandranomandry lehibe i Madagasikara ny zava-mitranga ka tsy avy dia ho vaky tanteraka sy hiditra ny rano, ary ny farany ho rendrika tanteraka. Mila fanafodiny haingana ny zava-misy raha tsy tiana ny ho tonga amin'izany. Kanefa raha mbola mikiry biby manohy ny ataony ny eo amin'ny fihazonam-pahefana sy fitondrana dia tsy maintsy ho izany ihany no iafaràny. Sa efa izay no tiana ho tonga eto? Sanatriavina izany, ary mbola misy ireo olom-pirenena miezaka mifofotra mafy hiaro ity firenena ity na nioezahina notakonana, notampenam-bava sy natao izay hiforetany eo.

*Sôh'son*



FANAMBARANA « COLLECTIF DES CANDIDATS » 08 DESAMBRA 2023

1. Melohinay tanteraka ny famatahorana atao amin'ireo rehetra milaza ny heviny (mpanao gazety, mpanao politika, sendika, olon-tsotra, sns) izay manitsakitsaka tanteraka ny fahalalahana maneho hevitra sy fahalalahana amin'ny asa fanaovan-gazety.
2. Ireo fampiantsoana sy famotorana nisesisesy noho ny ahiahy amin'ny fisian'ny fikomian'ireo miaramila dia mampiseho fa tsy milamina intsony ihany koa ny raharaha anatin'ny foloalindahy. Izany no mampiseho fa ilaina ny hanohizana ny fifampidinihana an-databatra boribory izay efa natomboky ny « Vovonana PAN-FFKM » mba handravonana ireo disadisa rehetra misy ka tokony hatsahatra ny fanenjehana ireo rehetra nenjehina na sivily na miaramila.
3. Hamafisinay Kandida fa tsy ekena iny sarintsarim-pifidianana feno tsy fanarahan-dalàna sy natao hamboletra teto amin'ny firenena iny mba hametrahana olona efa tsy mizaka ny zom-pirenena malagasy intsony, hitantana indray ny firenena.
4. Noho izany dia tsipahinay marindrano ny fihanianana ho Filoham-pirenena izay kasain'Andriamatoa Andry RAJOELINA hatao ny 16 desambra 2023 ho avy izao, izay mbola fanitsakitsahana ny fiandrianam-pirenena ihany koa.
5. Ny « Collectif des candidats » dia manohy ny ezaka rehetra hitondrâna fanovàna ho an'ny fiainan'ny firenena ka namolavola lalam-pifidianana vaovao hanatsarâna ny lalàna efa misy, izay natolotr'ireo Solombavambahoaka miara-dia aminy teny amin'ny Antenimieram-pirenena. Natao izany satria, etsy ankilany, misy ireo soso-kevitra azo avy amin'ireo mpanara-maso ny fifidianana sy ireo mpiara miombon'antoka amintsika. Etsy andaniny ihany koa, mila sorohana ireo disadisa sy krizy politika hateraky ny fifidianana toy ireo efa nitranga matetika ka niteraka fahasahiranana ho an'ny olom-pirenena. Noho izany dia tsy hay ny tsy hisaotra anareo parlemantera rehetra ka miantso anareo handray ny andraikitra tandrify anareo, miandrandra anareo i Madagasikara !
6. Mitohy ny tolona ary ambara fa mitsangana ny « Cellule de crise » izay iarahan'ny Vondron'ny Kandida, ny antoko sy vondrona politika, ny olom-boafidy, ny fiarahamonim-pirenena, ny fikambanana isan-karazany ary ireo Ray aman-dreny ara-drazana, izay hamaritra sy handrindra ireo hetsika rehetra hatao manerana an'i Madagasikara manomboka amin'ny herinandro ambony izao.

## Ny Valosoa sy hadihady

### Andry Rajoelina

# Tsy manana ny fanohanana sy fankatoavan'ny vahoaka Malagasy

Manaporofo ny tahotr'i Andry Nirina Rajoelina, na dia lany tamin'ny alalan'ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana aza izy, fa tsy manana ny fanohanana sy fankatoavan'ny vahoaka Malagasy (légitimité) ny fahalaniany. Hiteraka tsy fahamarinan-toerany eo amin'ny lafiny politika izany toe-javatra izany ka efa manao hetsika sy vava tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana sahady Andry Nirina Rajoelina. Tsy vao izao no nanitsakitsaka ny Lalàmpanorenana ity filohan'ny Repoblika IV ity fa nandritra ny dimy taona nitondrany. Angamba didy tsy azo ivalozana izay avoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana kanefa na dia ity Andrim-panjakana ity aza dia miverin-dàlana toy ny fozaorana tsy an-kijanona. Manaporofo izany ny fanendrena ny filoham-panjakana mpisolo toerana taorian'ny fametraham-pialan'i Andry Nirina Rajoelina ka nomeny ny governemata izany fahefana izany kanefa dia nanendry ny filohan'ny Antenimieran-doholona, napetraka tamin'ny fomba tsy ara-dalàna indray, hiara-mitantana izany toeran'ny filoham-panjakana mpisolo toerana izany indray ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Mbola amin'ny 16 desambra 2023 vao hanao fihanianana i Andry Nirina Rajoelina dia efa nitarika delegasiona tany amin'ny Cop 28, tany Dubai sahady izy ka nadany ny volam-bahoaka tamin'izany. Etsy an-kilany dia tsy misy manaiky ny nanatanterahana iny fifidianana tamin'ny 16 novambra 2023 iny ny maro an'isa ka porofon'izany ny nanarahan'ny fitopolo isan-jato maherin'ny mpifidy ny toromarika nomen'ny Vondron'ny kandidà 10 tsy nandatsa-bato. Tsy azo lavina ny tsy fahampian'ny fampahafantarana ny vahoaka ny Fitsipiky ny Fifidianana (Code Electoral) fa na firy na firy ny mpifidy tonga mandatsabato dia lany foana izay mahazo vato betsaka indrindra. Niteraka fahadisoam-panantenana (frustration) ho an'ny maro izany kanefa tsy midika fa mandresy Andry Nirina Rajoelina satria araka ny efa voasoratra esty ambony dia tsy hisy filaminana ara-politika eto amin'ity Nosy ity manomboka izao. Ambonin'izany dia ny toe-javatra sahala amin'izao dia hiteraka herizika vaovao ho an'ny olompirenena tena tia ny tanindrazany satria tsy misy manaiky filoham-pirenena frantsay izany satria famerenana ny fanjanahantany sy ny fanandevozana indray izany. Iaraha-mahita ihany koa ny ezaka ataon'ny Vovonana tarihan'ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena sy ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara miaraka amin'ireo Olobe eto amin'ny tanàna hitadiavana vahaolona amin'izao loza mihatra amin'ny Firenena izao. Mibaribary indray tato anatin'ny andro vitsivitsy fa mitady ny fomba rehetra hanapotehana ity Vovonana ity ny mpitondra ary azo hinoana fa ao ambadik'izany i Andry Nirina Rajoelina satria mampiady mpirahalahy iray tampo. Tsy mitsahatra ny miakatra tsy misy fitsaharany ny fankasitrahan'ny maro ny Profesora Ranjeva Raymond noho ny traikefa hananany eo amin'ny famahana olana hatrany ivelany, indrindra teto Afrika. Niaraha nahita fa mpitondra tenin'ny Vovonana ity Olomnam-pirenena ity teo amin'ny fihaonana tamin'ireo mpiara miom-bonantoka amin'ny Madagasikara. Iaraha mahalala ihany koa fa anisan'ny olompirenena tsy mankasitraka ny fanatanterahana ny fifidianana ny 16 novambara 2023 izy ary ny antony lahibe amin'izany ny tsy fanekena ny naha kandidà an'i Andry Nirina Rajoelina noho ny maha frantsay azy. Heverina fa izany fijoroan'ny Profesora Ranjeva Raymond amin'ny fahamarinana sy ny fikatsahany ny famerenana ny tany tan-dalàna no anton'ny nanendrena ny rahalahiny, ny Jeneraly Ranjeva Marcel, ho « Grand Chancelier » hametraka ny mariboni-nahitra ambony indrindra amin'i Andry Nirina Rajoelina izay midika, araka ny hevitry ny mpitondra, fa manaiky ny maha filoham-pirenena azy ny Jeneraly ary manohitra izany fijoroan'ny rahalahiny izany. Masina ny Tanindrazana ka tsy azo hadinoina fa : « ny daka no misy am-badika, ny loka no misy an-koatra; ny akanjo no soa misy paosy; ny trano no tsara misy efitra; ny tambin-toko no atao anankina; ny salaka no atao sisik' ila; ary ny hofak'ondry no soa mitsimbadika; fa ratsy koa raha ratsy, lehiretsy, raha mba mivadika ny marina».

***Andry Tsiavalona***

## Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Mila dinihina ny fiankinan-doha amin'ny vahiny

Andrandraina fatratra eto amin'ity firenena ity, ary ireo mpitondra no tena manao izany, ny vola vahiny sy ny fanohanana na famatsim-bola avy amin'ny vahiny. Idedahan'ny mpitondra mihitsy ny milaza amin'ny haino aman-jery indrindra ny an'ny fanjakana ny fahazoana vola fanampiana na fampindramana avy any ivelany. Mazava loatra anefa, indrindra ho an'ny mahalala, fa mamatotra ny mpitondra sy ny firenena izany, ary tsy hita ho mahasoa aza ny fiarahana niasa tamin'ny firenena sasany na dia efa aman-taonany maro aza no nisian'izany. Impiry ho ampiana foana ihany koa ity firenena ity ? Sa efa voafatotra tsara sy miankin-doha, ka tsy afaka intsony? Ho an'ny mpandalina dia natao mihitsy izay ahatonga ity firenena ity ho toy izany, satria mila zavatra be eto amintsika izay tsy ananany ireo firenena any ivelany. Izy ireo ihany koa amin'izao fotoana izao, dia mizotra mankany amin'ny fahasahiranana ary miaina anaty fifaninanana mahery vaika, fa samy te ho tafavoaka ara-toekarana indrindra taorian'ny krizy ara-pahasalamana maneran-tany ny taona 2020 iny.

Mety miankina amin'ny ara-jeopolitika ihany koa anefa izany toe-javatra izany, ka ifandroritana ny firenentsika amin'izao fotoana izao. Eo indrindra no tena raharaha hoantsika Malagasy, indrindra ny mpitondra raha tsy mitoetra tsara sy mahay mifehy izay sehatra ara-jeopolitika izay. Raha mpitondra tsy mahay dia mety hamoha hampidanadana ny varavarana ahafahan'izay te-hiditra rehetra eto hanagorobaka sy hangorona ny harena eto amin'ny firenena. Ny any aminy anefa hidiny tanteraka ary ambilom-bazana no hany homeny izay mody saronany amin'ny hoe fanampiana na fanohanana dia tampina avokoa ny maso.

Mila mahatakatra izany ny olom-pirenena eto amin'ity firenena ity, sao efa ho ritra ny harena eto vao ho tonga saina. Tsy tokony hiandrandra mafy sy hiankin-doha amin'ny any ivelany raha te hanavotra ny firenena ka hanandratra azy. Tsy misy afa-tsy ny samy Malagasy ihany no hahavotra ny firenena. Vonona ny amin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) ary efa miasa ho amin'izany izy taona maromaro izay. Izay vonona hiara-hientana aminy, ny fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

## TONONKALO

# MPANAO GAZETY

***(Entina hampaherezana ireo mpanao gazety iharan'ny antsojay sy ny fanenjehana)***

Misy ireo mpanao gazety tena fatra-pisolelaka,  
Loza raha hanindrahindra ireo mpitondra sy ny tariny.  
Hainy ny manasohaso sy mameno ny takelaka,  
Amim-pomba sy fiteny feno lainga novokariny.

Raha jerena izay ambarany dia ho tsapa miharihary :  
Lahatsoratra poakaty feno hevitra fanary.  
Tsy mitaiza ny vahoaka hahafantatra ny marina,  
Fa mampianatra azy kosa mba ho « bado » mora anarina.

Misy koa mpanao gazety tsy mivoatra fa dia « mianina »  
Amin'ny fitantarana zava-misy tetsy , tatsy.  
Tsara ireny saingy indrisy, moa tsy ambinambin-kanina ?  
« Ro matsatso tsy ampy sira », tsy azo heverina ho vatsy !

Fa ny andiany manaraka , tia mikatsaka ny Rariny,  
'Reo no hoe mpanao gazety « tena izy » fa tsy « sariny ».  
Tsy voadividivim-bola sy sakafo toy ny ankizy,  
Fa mpanao gazey mendrika, izy ireo no « tena izy » !

Tena vonon-kanambara izany « mety » sy « tsy mety »,  
Fa izay mihitsy anie no tena hoe mpanao gazety.  
Tsy baikoin'ireo mpitondra mba hanaraka ny heviny,  
Fa dia vonona hizaka ny eso sy ny levileviny !

...Soa fa nisy anao sakaiza, soa fa nisy anao ry zoky,  
Tena hoe mpanao gazety , sahy sedra, mahatoky .  
Tsy mivonona hitsoaka, tsy matahotra hotsaraina,  
Fa mitolona isan'andro nefa tsy miferin'aina.

Soa fa nisy anao nijoro sady tsy mba nihalangalana,  
Soa fa nisy anao hanoro ireo mpitondra diso lalana.  
Soa fa nisy anao hitaiza ny vahoaka manontolo ,  
Soa fa teo ianao sakaiza, namana mpanolokolo !

Fa ny hoe mpanao gazety dia mpitolona tsy vizana.  
Izy ireo sy ny poety , manan-toetra itovizana.  
Vonona ny hotsaraina , (sanatria tsy hiala vehana),  
F'efa tena nosedraina tami-memim-panenjehana !

***(Nalaina tao amin'ny asa soratr'i SEDERA RAVALISON mitondra ny lohateny hoe : MANDRESY NY MARINA (31-12-2000)***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Potika ny Air Mad, potika ihany koa ny Madagascar Airlines

**Rmdm Melaku :** NY MANDINIKA IHANY NO MAHALALA. Taloha ela be hono rankizy an, nisy an'izany hoe Air Madagascar izany, nanana flotte de 14 avions de ligne.

Ny fanjakana malagasy koa tetsy an-daniny nanana fiaramanidina manokana anaky 2, Boeing 737-300 nantsoina hoe Air force one, sy Boeing 737-700 nantsoina hoe Air force one 2. Saingy tonga moa ny revolisiona loranjy, fanonganam-panjakana nataon-dry Rajoelina, ny vahoaka rahateo noana sy draba sady sagnana, ka dia tsy hita fa dia nanjavona aby izy aby.

**Rova Randriamahefa :** sendra izay tsy mifaditrovana ny fireneko.

**Marcelin Ramilison :** angano sisa !

**Randriamanjaka Tahiry :** t@ zany lazaina fa mangalatra Ravalomanana, kouuu Zao nahita sarin'i Joba tsara.

**Miandry Soa :** ôtran lay olona nanana trano dia namidy ary lanilany foana t@ tsis dikaby ny vidiny nefa manofa trano lafo ndray avy eo!

**Andrianaly Malala Njarasoa :** Miandry Soa : satria tranoben'ny malagasy lay izy dia norobainy. Izy frantsay mpanandevo afrikanina.

**Riribe Toamasina :** fahiny ELABE hono rankizy an, nanana Sambo mpiady, nanana VATSY I,II,III,IV ISIKA- NANANA MIG 18-MIG 21... EFA lasa aluminium nanamboarana sotro Sy vilany Ary angady avokoa ireo Zao.

**Jao Hajarasoa : Riribe Toamasina :** tena marina izany zokibe a!




**Riribe Toamasina :** zao nivadika vatsy tsinjo lay SAMBO VATSY 1-2-3-4.

**Mimie Maman :** c'est triste.

**Andre Chan Lai :** zay ny fahaizany mitantana, ity fitondrana ity.

**Fara Holinirina Ramiandrasoa :** tsara ny flotte tamin'ny 2008/2009.

**Henjana Milay :** Tena nopotehan'ny tsy matahotody ny fananam- pirenena, nosy tsy manana avion , nosy tsy manana sambo , tena nopotehany tanteraka noho ny tsy fahaiza-mitantana sy fitiavantena diso tafahoatra.

**Victor Rabe :** jiron'akoho sy vatsy tsinjo ary tosika fameno,… vary be carry sisa anjaran'ny vahoaka mpitrongy vao homana. Any am-paosin'ny mpitondra fozan-dRajoelina ny vola vidin'ireo.

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ireo mpanao gazety namana, nanotrona sy nankahery ny namana Gasikara Fenosoa, nalain'ny zandary am-bavany teny Fiadanana omaly.**








